SAMBATRA IZAY ONENA KA SAKAIZAN'NY FIANAKAVIANA

(Salut et Ordonnance pour la Société Familiale – Save Our Soul's Family)

(S . O . S FIANAKAVIANA)

« ANIO NO TONGA ETO AMIN'ITY TRANO ITY NY FAMONJENA» (Lio.19/9a)

FANGATAHANA FANAMPIANA ARA-BOLA
Na ara-pitaovana
Ho fampandehanan-draharahan'
Ny fikambanana

FIRENENA: *MADAGASCAR*
FARITRA : *VAKINANKARATRA*
KAOMININA : *ANTSIRABE- I*
FOKONTANY : *MIARAMASOANDRO*
FOIBE : *FLM MIARINKOFENO*

sos.family@yahoo.fr
☎ (261)32.02.086.74

« FA TSY FOANA TSY AKORY NY FIKELEZANAREO AINA AO AMIN'NY TOMPO »
(I Kor. 15/58)

JUILLET 2008

S.O.S FIANAKAVIANA
FLM MIARINKOFENO
Miaramasoandro-Antsirabe I
sos.family@yahoo.fr
(261) 320208674
N° 689 –P/ANT/SPAT/ASS
Tamin'ny 23 JUIN 2008

Antsirabe faha ;..01 Aout 2008.....

Andriamatoa Alex RANDRIAMIHARISOA
Filohan'ny Fiangonana FKMSM
sy ny Kristiana rehetra.

-SUISSE-

ANTONY : ***Fangatahana Fanampiana ara-bola sy ara-pitaovana ho an'ny Fikambanana S.O.S Fianakaviana***

LAHARANA : ***01/Dep.sos/Dem.I 0708***

Ho aminareo mandrakariva anie ny Fahasoavan'ny Tompo !

Ry Havana ;

Tafajoro ara-dalana izao ny Fikambanana S.O.S FIANAKAVIANA. Manomboka ny asa fampahafantarana ny antom-pisiany eto Madagasikara izahay izao.

Tanjona hotratrarina ny Fanampiana, Fampiofanana, Fanaraha-maso, Fampandrosoana… ny Fiainan'ireo Fianakaviana sy ny olana manjo azy, eto amin'ny FLM MIARINKOFENO sy ny Fokontany manodidina.

Ezahina hojerena araka izay tratra ny lafiny maha-olona azy ireo manontolo : (Vatana – Saina – Fanahy).

Isaorana an'Andriamanitra fa maro ireo Ankohonana no Liana amin'ny fisian'ity Fikambanana ity sy ny Tarigetrany, ka sahy milaza ny olana manjo azy.

Efa manomboka amin'ny Fampianarana sy ny Fampiofanana tsotsotra izahay izao. Mba hahatonga ny asa ho lavorary anefa dia tsy maintsy mametraka ireo Fitaovana sy fomba fiasa manara-penitra izahay.

Izany indrindra no tsy isalasalanay, mangataka ny hamoram-ponareo, mba hanampy anay amin'izay zakanareo, amin'ny fanampiana ara- bola sy ara-pitaovana, ho enti-miasa, izay mitentina 2.000.000 Ariary (Deux millions Ariary/ 10.000.000 FMG= Dix Millions de Francs)

Amin'ny alalan'ity antotan-taratasy ity no hanehoanay ny asan'ny Fikambanana sy ireo Fitaovana ilaina maika, hampandehanana ny asa.

Koa dia manantena ny valiny mahafapo, avy aty aminareo Tompoko, ary manolora ny fisaorana mialoha noho ny fandinihanareo izao fangatahanay izao.

Dia manao veloma amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo.

Ho aminareo anie ny Fiadanana !

NY MPITANTSORATRA

NY FILOHA

FAMILY S.O.S FIANAKAVIANA

RAKOTOELSON Jacques
PASTORA F.L.M.

REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

MINISTERE DE L' INTERIEUR

PROVINCE D'ANTANANARIVO

SERVICE PROVINCIAL DE L'ADMINISTRATION TERRITORIALE

TARATASY MANAMARINA
Ny naharaisana fanamarinana mikasika Fanorenana fikambanana
(Récépissé de déclaration de constitution d'Association)

N° 689 -P/ANT/SPAT/ASS.

Fampiharana ny andininy faha-5 amin'ny Hitsivolana laharana faha- 60.133 tamin'ny 03 oktobra 1960.
(En application de l'Ordonnance N° 60.133 du 03 octobre 1960).

Voaray eto amin'ny biraon'ny FARITANIN'ANTANANARIVO, Sampan-draharaham-paritany eto amin'ny fitantanana ny lafin-tany ny fanambarana mikasika ny fanorenana ny Fikambanana mitondra ny anarana hoe:

" S.O.S FIANAKAVIANA "

Toerana misy ny foibe MIARINKOFENO
MIARAMASOANDRO
ANTSIRABE 110

Ny fitanana an-tsoratra ny fivoriambe, ny fitsipika mifehy ny fikambanana ary ny fiankohonan'ny piandraikitra ao amin'ny birao dia samy sosony telo avy.

Antananarivo, faha 23 JUIN 2008

Alefa amin'ny:
Atoa RAKOTOELSON Jacques
MIARINKOFENO
MIARAMASOANDRO
ANTSIRABE 110

Chef de Service Provincial de l'Administration territoriale

RAZANATSARALDY
Administrateur civil

---

araka ny voalaza ao amin'io andininy io dia tsy maintsy hanaovana fanambarana aty amin'ny biraon'ny Faritany ny fanovana ny anaran'ny fikambanana, ny fanavaozana ny mpiandraikitra ny birao, famindrana ny toerana misy ny foibe, ny fanovana ny andininy sasany ao amin'ny fitsipika ary dia ho soratana ao amin'ny bokin'ny fikambanana izany.

« ANIO NO TONGA ETO AMIN'ITY TRANO ITY NY FAMONJENA »
(Lio.19/9a)

TARIGETRA :

- **Ny Fampianaran'i Jesosy Kristy no fototra mibaiko ny S.O.S FIANAKAVIANA.**
- **Ny Famonjena vitany no miteraka Fampandrosoana ny maha Olona feno sy tanteraka, ara-batana,ara-tsaina ary ara-panahy.**
- **Maro ieo Fianakaviana no mangetaheta fatratra izany eto amin'ny faritra ijoroan'ny Fikambanana.**

TANJONA :

- **Tsy mikasika resaka Politika ny Fikambanana.**
- **Tsy manavaka Finoana, Fiaviana, Firazanana…**
- **Hanao izay hampandoso ny fari-piainan'ny Mpikambana sy ireo Fianakaviana mila fanarenana noho ny fahasahiranana mianjady aminy.**
- **Hanao izay hahatanteraka ny lamin'asa eo anivon'ny Fikambanana hahatrarana ny tanjona kendrena araka ny Sata fototry ny Fikambanana.**

KENDRENA :

- **Famangiana tokantrano hahazoana mamantatra ireo olana mateti-pitranga isam-pianakaviana.**
- **Manolotra Fanabeazana, Fampianarana ary Fampiofanana momba ny ara-batana sy ara-tsaina ary ny ara-panahy mba hampivelatra azy eo amin'ny Fiaraha-monina sy ny tontolo iainany.**
- **Hanao izay hisian'ny Fiaraha-miasa eo amin'ny Fanjakana na amin'ny Fikambanana mitovy Tarigetra na antokom-piangonana Kristiana samihafa sy ireo mpanao asa soa eto Madagasikara na avy any Ivelany.**
- **Hanao izay ao atao mba hananana fitaovana ampy ho eti-manatanterana ny asa**

ANDRASANA :

- **Fampahalalana ny antom-pisian'ity Fikambanana ity manerana ny Faritra Vakinankaratra.**
- **Fanadiadiana ireo Fiangonana na Fokontany hahitana Fianakaviana mila fanaraha-maso manokana**
- **Fanomanana Fampianarana sy Fampiofanana tantrify ny tranga voadinika.**
- **Fametrahana soritr'asa mato-paika ao anatin'ny 4 taona Voalohany.**
- **Fikarohana sehatra hiaraha-miasa amin'ireo Organismes maro**

SORITR'ASA LAHARAMPAHAMEHANA :

- **Fampiofanana ireo mambran'ny Birao**
- **Fitadiavana ireo Teknisiana hiara-miasa amin'ny Fikambanana.**
- **Fikarohana Làlam-bola sy Fitaovana hampandehanana ny raharaha**
- **Fanomanana trano hanombohana ny asa. (Fiangonana na Sekoly na Salle d'œuvre)**
- **Fanaovana « Porte ouverte » ao amin'ny Foiben'ny Fikambanana.**

ANTSO AVO :

Sitrakay S.O.S Fianakaviana tokoa ny hiara-miasa aminareo Kristiana eto amin'ny Fiangonana FKMSM aty Suisse.

Manokatra ny Fiaraha-miasa maharitra aminareo izahay, amin'ny alalan'izao Fangatahana famatsiana ara-bola sy ara-mpitaovana izao.

Indro ireo vinavina ara-bola sy Fitaovana izay entinay hanombohana ny asa, ary raisinay an-tanan-droa koa, ireo izay zavatra hafa izay misy eo am-pelantananareo ka heverinareo fa mety hanampy anay amin'izao tarigetran'ny S.O.S Fianakaviana izao.

Dia maniry ny Fahasoavan'ny Tompo ho aminareo mandrakariva Tompoko.

Manao veloma anareo amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompotsika izahay.

NY MPITANTSORATRA

NY FILOHA

RAKOTOELSON Jacques
PASTORA F.L.M.

FAMPITAOVANA ARA-BOLA

N°	F I T A O V A N A	V I D I N Y	T E T I-B I D I N Y
01	*FAMPIOFANANA NY MAMBRAN'NY BIRAO (6)*		
	- *Ny lalàna mifehy ny Fikambanana*	20.000 Ariary	20.000 Ariary
	- *Ny fahaiza-mitantana*	20.000 Ariary	20.000 Ariary
	- *Ny Mpitarika mahomby*	20.000 Ariary	20.000 Ariary
	- *Ny Paik'adin'ny Fampandosoana sy ny Zon'Olombelona*	20.000 Ariary	20.000 Ariary
	VATSIM-PIOFANANA : Olona 6	5.000 Ariary	30.000 Ariary
02	*HOFAN-TRANO FAMPIOFANANA : 4 andro*	20.000 Ariary	80.000 Ariary
03	*FITAOVAM-MPAMPIOFANANA :*	10.000 Ariary	10.000 Ariary
		TOTALINY :	**200.000 Ariary**

FAMPITAOVANA ARA-MATERIALY

01	F I T A O V A N A	VIDINY	T E T I-B I D I N Y
	BUREAU ET INFORMATIQUES		
	- *Ordinateur*	1.000.000 Ariary	1.000.000 Ariary
	- *Photocopieuse & Scanner*	400.000 Ariary	400.000 Ariary
	- *Table de Bureau avec équipements*	200.000 Ariary	200.000 Ariary
	- *Fournitures de Bureau*	200.000 Ariary	200.000 Ariary
		TOTALINY	**1.800.000 Ariary**

FANDRAVONANA

N°	F A M P I T A O V A N A	T E T I - B I D I N Y
01	*FAMPIOFANANA*	200.000 Ariary
02	*FAMPITAOVANA*	1.800.000 Ariary
	TOTALINY	**2.000.000 Ariary**